# “Ny dinara izay laninao tamin’ny làlan’Allah, ny dinara nolanianao tamin’ny andevo iray, ny dinar nomenao ho fiantrana ny mahantra, ary ny dinara izay laninao tamin’ny ankohonanao, ka ny tena hahazoana valisoa lehibe indrindra dia izay nolaninao tamin'ny fianakavianao.”

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : “Ny dinara izay laninao tamin’ny làlan’Allah, ny dinara nolanianao tamin’ny andevo iray, ny dinar nomenao ho fiantrana ny mahantra, ary ny dinara izay laninao tamin’ny ankohonanao, ka ny tena hahazoana valisoa lehibe indrindra dia izay nolaninao tamin'ny fianakavianao.”
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanonona karazana fandaniana sasany ny Mpaminany (S.A.W), ary nilaza hoe : Dinar izay laninao tamin'ny ady masina ho an'I Allah, dinar izay laninao tamin'ny fanafahana ny andevo tamin'ny fanandevozana sy ny fanompoana, dinar iray izay nomenao fiantrana ho an’ny mahantra iray, sy ny dinar iray izay laninao ho an’ny fianakavianao sy ny havanao, avy eo dia nilaza izy fa ny lehibe indrindra amin’izy ireo ary hahazoana valisoa avy amin’I Allah, dia izay nolanianao tamin’ny ankohonanao sy ny fianakavianao ary izay tsy maintsy iantohanao.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee